

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 001

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 14 août 2002
entre la République de Madagascar et la République de Maurice
relatif au financement des importations à Madagascar**

EXPOSE DES MOTIFS

En vue de renforcer les liens économiques entre la République de Madagascar et la République de Maurice, un crédit d'un montant de 300 millions de Roupies mauriciennes, soit environ SOIXANTE HUIT MILLIARDS CENT QUATRE VINGT SEIZE MILLIONS (68 196 000 000) de Fmg a été octroyé pour financer les importations à Madagascar.

L'Accord de crédit y afférent a été conclu le 14 août 2002 à Port Louis.

I - OBJECTIF DU PRET

Le crédit sera utilisé pour le paiement des marchandises, des biens d'équipements et des services provenant de Maurice.

II - DESCRIPTION DU PROJET

Le crédit ne couvrira que les importations provenant de Maurice. L'exportation des marchandises, des biens d'équipements et des services de Maurice et leur importation de Madagascar se feront au moyen des circuits commerciaux usuels, conformément aux lois et règlements en vigueur dans les deux pays. Les exportateurs à Maurice et les importateurs à Madagascar s'accorderont sur les prix et les conditions de vente.

III - LES INTERVENANTS

- Les Gouvernements de Maurice et de Madagascar ;
- Les exportateurs mauriciens, la Banque de Développement de Maurice (DBM) ou ses Banques correspondantes ;
- Les importateurs à Madagascar, la Banque Centrale de Madagascar, les banques commerciales à Madagascar ou leurs banques correspondantes.

IV - FINANCEMENT

Le financement du projet se fera à partir de deux sources principales :

- 90% de la valeur FOB, libellé en roupies payables sur le crédit ;
- 10% de la valeur FOB à supporter par les importateurs de Madagascar.

V- CONDITIONS FINANCIERES DU CREDIT

Montant : 300 millions de Roupies mauriciennes

Modalité de remboursement : 6 ans après 4 ans de différé

Remboursement du principal :

- Intérêt : 3% par an
- Périodicité : semestrielle en 12 versements égaux à partir du 1^{er} septembre 2005 jusqu'au 1^{er} mars 2011
- En cas de défaillance dans les remboursements, le Gouvernement de Maurice exigera le remboursement total du capital restant dû et ce, dans les six mois de la demande.

VI - PROCEDURE DE DECAISSEMENT

1- La Banque de Développement de Maurice (DBM) conclura un accord avec la Banque Centrale de Madagascar.

2- Un compte intitulé «Prêt au Gouvernement de Madagascar, compte M» sera ouvert auprès de la Banque de Développement de Maurice.

3- Les décaissements à partir du compte bancaire seront faits en faveur des contrats FOB libellés en roupies.

4- Les paiements s'effectueront sous forme de lettres de crédit ouvertes par des banques à Madagascar.

5- Les lettres de crédit seront communiquées par les banques à Maurice à la DBM, afin d'être retransmises à l'exportateur directement ou à travers une banque mauricienne désignée par les exportateurs.

6- Toutes les lettres seront accompagnées d'une copie du contrat.

7- La DBM s'assurera que le contrat et la lettre de crédit peuvent être financés par le crédit.

8- Lors des paiements sous forme de lettres de crédit, la DBM prélèvera un frais de décaissement de 0,1%.

9- Un relevé de compte trimestriel sera transmis aux Gouvernements de Madagascar et de Maurice par la DBM.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution: « la ratification ou l'approbation de traités... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la Loi... ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 001

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 14 août 2002
entre la République de Madagascar et la République de Maurice
relatif au financement des importations à Madagascar**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 26 mai 2003 et du 04 juin 2003, la Loi dont la teneur suit :

Article premier - Est autorisée, la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 14 août 2002, entre la République de Madagascar et la République de Maurice relatif au financement des importations à Madagascar, d'un montant de trois cent millions (300 000 000) de Roupies mauriciennes, soit environ, SOIXANTE HUIT MILLIARDS CENT QUATRE VINGT SEIZE MILLIONS Francs malagasy (68 196 000 000 FMG).

Article 2 - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.
Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 04 juin 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean
RAKOTOMAHARO

RAJEMISON

CONTRAT DE CREDIT

ENTRE

LE GOUVERNEMENT DE LA REPUBLIQUE DE MAURICE

ET

LE GOUVERNEMENT DE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Le Gouvernement de la république de Maurice (ci-après appelé le Gouvernement de Maurice) et le Gouvernement de la République de Madagascar (ci-après appelé le Gouvernement de Madagascar) étant désireux de renforcer les liens économiques entre les deux pays ont conclu le présent contrat de crédit, au terme duquel, le Gouvernement de Maurice mettra à la disposition du Gouvernement de Madagascar une ligne de crédit, à un taux d'intérêt annuel de trois pour cent (3%) pour un montant de trois cent millions de Roupies mauriciennes (Rs. 300 millions), remboursable sur une période de six (6) ans après quatre (4) ans de différé à partir de la date effective du présent contrat.

ARTICLE - I

Un crédit de trois cent millions de Roupies mauriciennes (Rs 300 millions) sera mis à la disposition du Gouvernement de Madagascar pour l'importation de Maurice, de marchandises, de biens d'équipement et de services. Une liste de marchandises, de biens d'équipement et de service sera établie d'un commun accord et constituera l'annexe I du présent contrat. L'annexe I peut faire l'objet d'un ou de plusieurs avenants conclus d'un commun accord entre les deux Gouvernements. Le crédit ne couvrira en aucune façon les importations provenant des pays tiers.

ARTICLE - II

L'exportation des marchandises, des biens d'équipement et des services de Maurice et leur importation de Madagascar se feront au moyen des circuits commerciaux usuels et seront régis par les lois et règlements en vigueur dans les deux pays. Les prix et les conditions de vente seront déterminés d'un commun accord entre les exportateurs à Maurice et les importateurs de Madagascar.

ARTICLE - III

Le présent crédit servira à payer 90% de la valeur FOB, libellé en Roupies, de chacun des contrats pour l'importation de marchandises, de biens d'équipement et de services qui seront utilisés dans le cadre des secteurs mentionnés à l'annexe I du présent accord.

Les 10% restants de la valeur FOB des contrats seront payés par les importateurs, en devise étrangère librement convertible, à l'ouverture des lettres de crédit se rapportant aux contrats sus-mentionnés. Les lettres de crédit doivent impérativement faire mention du fait que 10% de la valeur du contrat sera payé à partir de Madagascar et que le solde, soit 90%, sera financé par le présent crédit.

ARTICLE - IV

1- Le présent accord prendra effet dès réception par le Gouvernement de Maurice, d'un avis légal favorable du Gouvernement de Madagascar et à la satisfaction du Gouvernement de Maurice sur la validité et l'exécution du présent accord.

2- Les contrats pour l'importation de marchandises, de biens d'équipement et de services qui seront utilisés dans le cadre des secteurs mentionnés à l'annexe I du présent accord seront signés et les lettres de crédit ouvertes au plus tard le 15 janvier 2006 et tout paiement par rapport aux contrats sus-mentionnés seront faits au plus tard le 16 août 2006.

3- Au cas où la totalité du présent crédit n'aurait pas été utilisé avant cette date, sauf accord contraire du Gouvernement de Maurice, le crédit sera réduit par un montant égal à la somme non utilisée et les derniers versements seront ajustés en conséquence.

ARTICLE - V

La Banque de Développement de Maurice (ci-après appelée DBM) ouvrira un compte bancaire intitulé «Prêt au Gouvernement de Madagascar compte M» et fera les décaissements nécessaires à partir de ce compte bancaire selon la procédure établie à l'annexe II du présent accord.

ARTICLE - VI

1- Le remboursement du montant utilisé se fera par le Gouvernement de Madagascar en douze versements égaux et bi-annuels le premier jour du mois de mars et le premier jour du mois de septembre de chaque année selon l'échéancier d'amortissement prévu à l'Annexe III.

2- Le Gouvernement de Madagascar pourra rembourser par anticipation un ou plusieurs versements à chacune des dates de paiement prévues à l'Annexe III.

3- Les intérêts sur tout montant décaissé seront payés chaque six mois.

ARTICLE - VII

Le remboursement du capital et le paiement des intérêts se feront en Roupies mauriciennes.

ARTICLE - VIII

en cas de défaillance de la part du Gouvernement de Madagascar dans les remboursements, le Gouvernement de Maurice pourra exiger le remboursement total du capital restant dû, lequel remboursement se fera dans les six mois de la demande.

ARTICLE - IX

Toute contestation sur l'exécution des contrats d'importation financés par le présent crédit sera sans effet sur les obligations de remboursement du Gouvernement de Madagascar qui font suite aux paiements faits par la DBM par débit du compte bancaire sus-mentionné à l'Article V.

ARTICLE - X

Jusqu'à paiement complet du prêt, chacun des deux Gouvernements fournira, à la demande de l'autre partie, tous rapports ou renseignements qui pourront être demandés sur la mise en œuvre et l'administration du présent accord, à condition que la demande soit raisonnable.

ARTICLE - XI

Les paiements faits par le Gouvernement de Madagascar sous le présent accord ne seront sujets à aucun impôt, taxe, droit ou autre paiement de même nature.

ARTICLE - XII

Le présent accord sera régi par le droit mauricien.

Fait à Port Louis le 14 août 2002

Pour le gouvernement de Maurice

Pour le Gouvernement de Madagascar

Signature
Hon. Paul Raymond Bérénger
Vice Premier Ministre et
Ministre des Finances

Signature
SEM Narisoa Rajaonarivony
Vice Premier Ministre
Chargé des finances et du Budget

Adresse Postale : Secrétaire Financier
Ministère des finances
République de Maurice

Direction Générale du Trésor
République de Madagascar

ANNEXE I

Le présent crédit sera utilisé pour le paiement de marchandises, de biens d'équipement et de services provenant de Maurice dans les secteurs suivants :

A établir :

En cas d'utilisation du présent crédit pour l'importation de marchandises, de biens d'équipement et de services dans d'autres secteurs, ceux-ci doivent être agréés au préalable par les deux Gouvernements.

ANNEXE II

PROCEDURE DE DECAISSEMENT

Tous les contrats sont sujets à l'accord préalable du Gouvernement de Madagascar et du Gouvernement de Maurice. Les contrats contiendront une clause à cet effet.

Tous les contrats seront transmis au Gouvernement de Maurice pour accord. En cas d'accord, le Ministère des Finances du Gouvernement de Maurice, en avisera le Gouvernement de Madagascar et la Banque de Développement de Maurice (DBM).

La procédure de décaissement pour le financement des contrats sous le présent accord est établie comme suit :

- 1- La DBM conclura un accord Bancaire avec la Banque Centrale de Madagascar.
- 2- La DBM ouvrira un compte bancaire intitulé « Prêt au Gouvernement de Madagascar compte M » fera les décaissements nécessaires à partir de ce compte bancaire soit directement en faveur des exportateurs à Maurice, soit à travers les banques correspondantes.
- 3- Les décaissements à partir du compte bancaire sus-mentionné seront faits en faveur des contrats FOB libellés en Roupies. Seuls les contrats conclus après la date effective du présent accord et portant sur les marchandises, les biens d'équipements et les services se rapportant aux secteurs agréés seront pris en considération.
- 4- Les paiements sous le présent crédit seront faits à travers les lettres de crédit ouvertes par des banques à Madagascar.
- 5- Les lettres de crédit seront transmises par les banques de Maurice à la DBM afin d'être retransmis à l'exportateur, soit directement, soit à travers une autre banque à Maurice désignée par les exportateurs. Les procédures commerciales usuelles pour avis de paiement sous lettres de crédit seront adoptées afin de s'assurer que le solde se montant à 10% de la valeur FOB du contrat sera effectivement payé en devise librement convertible. Toute demande auprès de la DBM pour le paiement des 90% de la valeur FOB doit être accompagnée d'un certificat de la banque correspondante que les 10% payable directement ont été reçus.
- 6- Toutes les lettres de crédits seront accompagnées d'une copie du contrat sus-mentionné au paragraphe 3 et comportera la clause de remboursement suivante :

« Le paiement de 90% de la valeur FOB du contrat sera fait par la Banque de Développement de Maurice à partir d'une ligne de crédit accordé par le Gouvernement de Maurice au Gouvernement de la République de Madagascar. La lettre de crédit ne sera effective qu'après que la Banque de Développement aurait émis un avis à cet effet. La Banque de Développement émettra cet avis qu'après s'être assurée que le paiement ne porte que sur 90% de la valeur FOB du contrat et qu'il est de la responsabilité de la banque correspondante de s'assurer que le solde de 10% sera reçu en devise librement convertible. Toute demande de paiement de 90% de la valeur FOB du contrat doit être accompagnée d'un certificat de la banque correspondante à l'effet que le solde de 10% a effectivement été reçu ».
- 7- La DBM s'assurera que le contrat et la lettre de crédit y ayant trait peuvent être financés sous le présent crédit. En cas d'avis favorable, elle transmettra la lettre de crédit avec avis qu'elle est effective soit directement aux exportateurs soit à leurs banquiers. Une copie de l'avis sera

endossée en faveur de la banque à Madagascar ayant ouvert la lettre de crédit.

- 8- Un frais de décaissement de 0,1% sera prélevé par la DBM lors des paiements sous les lettres de crédit. Ce frais, de même que tout autre frais, commission ou dépense, encourus par le DBM ou toute banque intéressée à Maurice, seront mis au débit du compte bancaire sus-mentionné.
- 9- Toute demande de paiement par les banques correspondantes doit être accompagnée (1) d'un certificat précisant que les conditions stipulées dans les lettres de crédit, sous lesquelles les paiements seront faits, ont été observées, (2) d'une copie des factures et (3) des copies non-négociables des connaissements.
- 10- La DBM transmettra au Gouvernement de Maurice et au Gouvernement de Madagascar un relevé de compte trimestriel pour le compte bancaire sus-mentionné.

ANNEXE III

AMORTISSEMENT DU LIGNE DE CREDIT

FORUMLE D'AMORTISSEMENT

Rs. 300 Millions ÷ 12
(montant décaissé)

Les dates de paiement seront le 1 septembre et le 1 mars de chaque année.

(a) Date du premier paiement - 1 septembre 2006

(b) Date du dernier paiement - 1 mars 2012

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA 2003 - 001

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana tamin'ny 14 aogositra 2002 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Repoblikan'i Maorisy momba ny famatsiam-bola ny fanafarana entana ho an'i Madagasikara.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ho fanamafisana ny fifandraisana ara-toekarena misy eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Repoblikan'i Maorisy, ny Repoblikan'i Maorisy dia nampindrana azy vola mitentina telonjato tapitrisa (300 000 000) Ropia maorisianina , na eo ho eo amin'ny enina amby sivifolo amby zato tapitrisa sy valo amby enimpolo lavitrisa iraimbilanja (68 196 000 000 Fmg), ho famatsiana ny fanafarana entana ho an'i Madagasikara.

Nosoniavina tamin'ny 14 aogositra 2002 tany Port-Louis ny fifanarahana fampisamboram-bola mikasika izany.

I - Tanjon'ny fampisamboram-bola

Ny vola ampisamborina dia ampiasaina mba hividiana entana sy kojakoja fampitaovana sy raharaha avy any Maorisy.

II - Famaritana ny tetikasa

Ny vola ampisamborina dia hampiasaina ho amin'ny fanafarana entana avy any Maorisy. Ny fanondranan'i Maorisy entana sy kojakoja fampitaovana sy fanaovan-draharaha ary ny fanafaran'i Madagasikara azy ireo dia hanaraka ny lalàna ara-barotra mahazatra, araka ny lalàna manan-kery misy eo amin'ny firenena roa tonta.

Hifanaraka amin'ny vidin'entana sy ny fepetra ara-barotra ny mpanondrana entana avy any Maorisy sy ny mpanafatra entana aty Madagasikara.

III - Ny mpandray anjara

- Ny Governemantan'i Maorisy sy Madagasikara ;
- Ny mpanondrana entana maorisianina, ny Banky Fampandrosoana an'i Maorisy (DBM) sy ireo Banky mifandray aminy ;
- Ny mpanafatra entana malagasy, ny Banky Foiben'i Madagasikara, ny banky ara-barotra eto Madagasikara na ireo banky mifandray aminy.

IV - Famatsiam-bola

Loharanom-bola roa no hamatsiana ny tetikasa :

- 90%-n'ny sanda FOB, omena amin'ny maribola ropia ary aloa amin'ny vola

nampisamborina ;
-10%-n'ny sanda FOB, zakain'ny mpanafatra entana aty Madagasikara.

V- Fepetra famerenam-bola

Tetiny : 300 tapitrisa ropia maorisianina
Fomba famerenam-bola : 6 taona miampy fanemorana fandoavana 4 taona
Famerenana ny renivola :

- Zana-bola : 3 isan-jato isan-taona ;
-Vanim-potoana hamerenam-bola : Rotsa-bola roambin'ny folo mitovy isan'enimbolana, ka aloa ny voalohan'ny volana septambra 2005 hatramin'ny voalohan'ny volana martsa 2011.

Raha vao misy famerenam-bola tsy efa dia hotakian'ny Governemantan'i Maorisy avokoa ny vola sisa tsy voaloha ka izany dia tanterahina enim-bolana aorian'ny fangatahany.

VI - Sori-dalàna momba ny famoaham-bola

1-Hisy fifanarahana ifanaovan'ny Banky Fampandrosoana an'i Maorisy (DBM) sy ny Banky Foiben'i Madagasikara.

2- Sokafana ao amin'ny Banky Fampandrosoana an'i Maorisy ny kaonty misoratra hoe "Fampisamboram-bola ny Governemanta Malagasy, kaonty M".

3- Ny famoaham-bola avy amin'io kaonty banky io dia atao amin'ny alalan'ny fifanarahana FOB ka omena amin'ny mari-bola ropia.

4- Ny fandoavam-bola dia hatao amin'ny taratasim-bola izay nosokafana any amin'ireo bankin'i Madagasikara.

5- Ny taratasim-bola dia halefan'ny Bankin'i Maorisy any amin'ny DBM mba ho azon'ny mpanondrana entana mivantana na amin'ny alalan'ny banky maorisianina iray izay tendren'ireo mpanondrana entana.

6- Ny antontan-taratasy rehetra dia hampiarahina amin'ny dika mitovy ny fifanarahana.

7- Ny DBM no hiantoka fa ny fifanarahana sy ny taratasim-bola dia azo vatsiana amin'ny vola nampisamborina.

8- Maka saram-pamoaham-bola 0,1% ny DBM amin'ireo fandoavam-bola atao amin'ny alalan'ny taratasim-bola.

9- Ny filazalazana momba ny kaonty isa-telo volana dia alefan'ny DBM any amin'ny Governemantan'i Madagasikara sy Maorisy.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82, paragafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : "Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana na hanekena... ny fifanarahana... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana...".

Izany sy izany , no anton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA 2003 - 001

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana tamin'ny 14 aogositra 2002 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Repoblikan'i Maorisy momba ny famatsiam-bola ny fanafarana entana ho an'i Madagasikara.

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-26 mey 2003 sy faha-04 jona 2003, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany - Omen-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana tamin'ny 14 aogositra 2002 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Repoblikan'i Maorisy, momba ny famatsiam-bola ny fanafarana entana ho an'i Madagasikara , izay mitentina TELONJATO TAPITRISA (300 000 000) Ropia maorisianina na ENINA AMBY SIVIFOLO AMBY ZATO TAPITRISA SY VALO AMBY ENIMPOLO LAVITRISA (68 196 000 000) Iraimbilanja malagasy.

Andininy 2 - Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 4 jona 2003

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERANDOHOLONA,**

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA
IFANAOVAN'NY GOVERNEMANTAN'NY REPOBLIKAN'I MAORISY
SY NY GOVERNEMANTAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

Mba ho fanamafisana ny fifandraisana ara-toekarena izay misy eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Repoblikan'i Maorisy, dia natao ity fifanarahana ara-bola ity izay manome sora-bola anaty tetibola mitentina TELONJATO TAPITRISA Roupies maorisianina amin'ny tahan'ny zana-bola 3% isan-taona izay averina ao anatin'ny 6 taona, manan-kery 4 taona aorian'ny fampiharana ny fifanarahana.

Andininy I.

Ny sora-bola mitentina Telonjato Tapitrisa Roupies maorisianina dia omena ny Governemantan'i Madagasikara mba hanafarana ny entana sy ny fitaovana avy ao Maorisy. Ny lisitr'ireo entana sy fitaovana ireo dia hita ao amin'ny Tovana I ao amin'ity fifanarahana ity.

Ny Tovana I dia mety iharan'ny fiovàna izay ifanarahan'ny roa tonta. Ny sora-bola dia voatokana ho an'ny fanafarana avy ao Maorisy irery ihany.

Andininy II.

Ny fanondranana entana sy kojakoja avy any Maorisy sy ny fanafarana entana ataon'i Madagasikara dia manaraka ny lalàm-pifehezana ara-barotra fanao mahazatra sy ny lalàna ary ny fitsipika manan-kery eo amin'ny firenena roa tonta.

Ny vidiny sy ny fepetran'ny famarotana dia raiketin'ny fifanarahana misy eo amin'ny mpanondrana entana maorisianina sy ny mpanafatra entana malagasy.

Andininy III.

Ity fampisamboram-bola ity dia andoavana ny 90%-n'ny sanda FOB, izay omena amin'ny sora-bola roupies momba ny fanafarana entana sy kojakoja izay ampiasaina ao amin'ny sehatra voalaza ao amin'ny Tovana I ao amin'ity fifanarahana ity. Ny 10% ambiny amin'ny sanda FOB dia aloan'ny mpanafatra entana amin'ny vola vahiny, azo atakalo amin'ny fisokafan'ny taratasim-bola.

Andininy IV.

1- Ity fifanarahana ity dia mihatra raha vao voarain'ny Governemanta maorisianina ny taratasy ara-dalàna manambara ny fankatoavan'ny Governemanta malagasy sy amin'ny fanomezana fahafaham-po ho an'ny Governemantan'i Maorisy momba ny fananan-kery sy ny fampiharana ity fifanarahana ity.

2- Ny fifanekena momba ny fanafarana entana sy ny kojakoja dia hosoniavina ary ny taratasim-bola dia hosokafana fara-fahatarany amin'ny 15 janoary 2006. Ny fandoavam-bola dia atao fara-fahatarany amin'ny 16 aogositra 2006.

3- Raha toa ka tsy lany tanteraka ny vola rehetra nampindramina alohan'ny daty voalaza, raha tsy hoe misy fifanarahana mifanohitra amin'izany avy amin'ny Governemanta maorisianina, esorina amin'ny vola nampindramina ny vola tsy nampiasaina ka ahitsy araka izany ny ampaham-bola omena farany.

Andininy V.

Manokatra kaonty mitondra ny lohateny hoe : “Fampisamborana ho an'ny Fanjakana malagasy kaonty M” ny Bankin'ny Fampandrosoana an'i Maorisy. Misahana ny famoaham-bola amin'io kaonty io araka ny sori-dàlana ao amin'ny Tovana II misy ao anatin'ity fifanarahana ity.

Andininy VI.

1- Ny fomba hamerenan'ny Fitondram-panjakana malagasy ny vola nampiasaina dia indroa aminifolo loavola mitovy ary indroa isan-taona, manomboka ny andro voalohan' ny volana martsa sy ny voalohan'ny volana septambra araka ny fe-potoana anatanterahana ny letsy-trosa voalaza ao amin'ny Tovana III.

2- Ny Fitondram-panjakana malagasy dia afaka mamerina loavola iray na maro mialoha ny vaninandro fandoavam-bola voalaza ao amin'ny Tovana III.

3- Ny zana-bola avy amin'ny sora-bola navoaka dia aloa isaky ny enim-bolana.

Andininy VII.

Atao amin'ny vola maorisianina ny famerenana ny renivola sy ny zana-bola.

Andininy VIII.

Raha toa ka tsy manatontosa ny famerenam-bola ny Fitondram-panjakana malagasy dia afaka mitaky ny famerenana ny renivola rehetra ambiny ny Fitondram-panjakana maorisianina ao anatin'ny enim-bolan'ny fangatahana.

Andininy IX.

Ny fitsipahana ny fanatanterahana ny fifanarahana momba ny fanafarana entana vatsian'ity fampisamboram-bola ity dia tsy misy fiantraikany amin'ny fanefana ny fameranam-bola ataon'ny Fitondram-panjakana malagasy.

Andininy X.

Mandra-pandao ny indrana rehetra dia manome tatitra momba ny fampiharana sy ny fandaharana ity fifanekena ity ny Fitondram-panjakana roa tonta.

Andininy XI.

Tsy handoavana hetra sy haba ny fandoavam-bola ataon'ny Fitondram-panjakana malagasy.

Andininy XII.

Mihatra amin'ity fifanekena ity ny lalàna maorisianina.

Vita tany Port Louis, tamin'ny 14 aogositra 2002.

TOVANA I

Ity vola ampisaborina ity dia ampiasaina mba handoavana ny vidin'entana avy any Maorisy eo amin'ireto sehatra ireto :

Atao :

Raha ampiasaina amin'ny sehatra hafa ity vola ampisamborina ho amin'ny fanafarana entana ity dia mila ny fankatoavan'ny Fitondram-panjakana roa tonta.

TOVANA II

SORI-DALANA MOMBA NY FAMOAHAM-BOLA

Ny fifanekena rehetra dia tsy maintsy ankatoavin'ny Fitondram-panjakana roa tonta. Misy ny fepetra ifanekena amin'izany.

Alefa any amin'ny fitondram-panjakana maorisianina ny fifanekena mba ankatoavina. Raha misy ny fifanarahana dia mampandre ny Fitondram-panjakana malagasy sy ny Banky Fampandrosoana an'i Maorisy (DBM) ny Minisiteran'ny Fitantanam-bolan'ny Fitondram-panjakana maorisianina.

Toy izao ny sori-dàlana momba ny famoaham-bola ho an'ny famatsiana ny fifanekena:

1- Manao fifanekena ny Bankin'ny Fampandrosoana an'i Maorisy sy ny Banky Foiben'i Madagasikara.

2- Manokatra kaonty banky mitondra ny lohateny hoe : “Fampisamborana ho an'ny Fanjakana malagasy kaonty M” ny DBM ary manao ny famoaham-bola avy amin'io kaonty io, na mivantana ho an'ny mpanondrana entana avy any Maorisy na ho an'ny banky.

3- Ny famoaham-bola avy amin'ny kaonty banky voalaza eo ambony dia ho an'ny fifanekena FOB, izay amin'ny sora-bola roupies.

Ny fifanekena vita taorian'ny vaninandro nampiharana ity fifanarahana ity sy mifandraika amin'ny entana sy ny kojakoja voafaritra no raisina.

4- Ny fandoavam-bola amin'ity vola nosamborina ity dia atao amin'ny alalan'ny taratasim-bola izay nosokafan'ny banky eto Madagasikara.

5- Ny taratasim-bola dia alefan'ny banky any Maorisy any amin' ny DBM mba omena ny mpanondrana entana na mivantana, na amin'ny alalan'ny banky any Maorisy izay nofidian'ny mpanondrana entana. Ny sori-dàlana ara-barotra mahazatra ho an'ny filazana fandoavan-ketra dia ampiharina mba ho azo antoka fa ny hany sisa izay mitontaly 10%-n'ny sanda FOB dia aloa amin'ny vola vahiny azo atakalo. Ny fangatahana atao eo anivon'ny DBM ho an'ny fandoavana ny 90%-n'ny sanda FOB dia ampiharina amin'ny taratasy fanamarinan'ny banky izay milaza fa voalao ilay 10%.

6- Ny taratasim-bola rehetra sisa ampiarahina amin'ny dikan'ny fifanekena voalaza eo ambony ao amin'ny paragrafy fahatelo, izay milaza ny fepetra momba ny famerenam-bola manaraka izao :

“Ny fandoavana ny 90%-n'ny sanda FOB dia ataon'ny Bankin'ny Fampandrosoana an'i Maorisy amin'ny alalan'ny sora-bola anaty tetibola, izay omen'ny Fitondram-panjakan'i Maorisy ho an'ny Fitondram-panjakana malagasy.

Tsy manan-kery ny taratasim-bola raha tsy manome ny heviny momba izany ny Bankin'ny Fampandrosoana.

Manome ny heviny ny Bankin'ny Fampandrosoana rehefa azony antoka fa ny fandoavam-bola dia mikasika ny 90%-n'ny sanda.

Ny fangatahana ny fandoavana ny 90%-n'ny sanda FOB-n'ny fifanarahana dia

ampiharina amin'ny taratasy fanamarinan'ny banky fa voaray tanteraka ny 10% ambiny.

7 - Ny DBM dia manome antoka fa ny fifanarahana sy ny taratasim-bola dia ho vatsiana amin'ity vola ampisamborina ity. Rehefa mahazo valiny mahafa-po dia alefan'ny DBM ny taratasim-bola miaraka amin'ny filazana fa manan-kery ilay izy na mivantana amin'ireo mpanondrana entana, na amin'ny bankin'izy ireo. Ny dikan'ny hevitra dia atao amin'ny anaran'ny banky any Madagasikara izay nanokatra ny taratasim-bola.

8- Ny saran'ny famoaham-bola 0,1% dia alain'ny DBM rehefa mandoa vola amin'ny tarastim-bola io sara io sy ny sara hafa.

9- Ny fangatahana fandoavam-bola ataon'ny banky mpiandraikitra dia ampiarahana amin'ny (1) taratasy fanamarihana fa vita ny fepetra takiana ao amin'ny taratasim-bola, (2) dikana faktiora iray sy (3) dikana taratasy ilaina amin'ny fanafarana entana amin'ny sambo.

10- Mandefa filazana momba ny kaonty isan-telo volana ho an'ny kaonty banky voalaza eo ambony.

TOVANA III

FAMERENANA NY SORA-BOLA ANATY TETIBOLA

Raikipohin'ny famerenana :

RM 300 Tapitrisa / 12
(sora-bola navoaka)

Ny vanin'andro fandoavam-bola dia 01 septambra sy 01 martsa isan-taona.

- a) vaninandro fandoavana ny loavola voalohany : 01 septambra 2006.
- b) vaninandro fandoavana ny loavola farany : 01 martsa 2012.